# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Oktobra 2018

# 23 Talata oktobra

**Izay tia vola, tsy hety ho voky vola.** Mpitoriteny 5. 9

***(Hoy Solomona mpanjaka :)*** **Nanao trano [aho]... Nihary volafotsy sy volamena koa aho... ka, indreo, zava-poana sy misambo-drivotra foana izany rehetra izany.** Mpitoriteny 2. 4-11

***(Hoy Jesosy Kristy :)*** **Izaho hanome maimaimpoana amin'ny loharanon'ny ranon'aina.** Apokalypsy 21. 6

## Ahazoana ny zavatra rehetra ve ny vola ?

„Ny vola dia ahafahana mividy zavatra maro, nefa tsy ahazoana ny tena zava-dehibe. Ahafahantsika mividy sakafo ny vola, nefa tsy ahazoana mividy fahazotoan-komana ; ahafahana mividy fanafody, fa tsy ny fahasalamana ; ahafahana mividy olom-pantatra, fa tsy namana ; ahazoana fotoam-pahafinaretana, fa tsy ny fiadanana na ny fahasambarana.” Norveziana iray, mpamorona tantara, no nilaza izany. Nefa afaka miteny izany koa isika tsirairay, satria dia zavatra miharihary ireo lazainy ireo.

Samy mikatsaka fahasambarana avokoa ny olona rehetra. Ny sasany mitady izany ao amin'ny fahefana, ny sasany ao amin'ny fiankinan-tena amin'ny firaisana ara-nofo na amina fiankinan-doha hafa, ny sasany koa ao amina asa mahaliana ; ary ny maro, ao amin'ny fananana harena. Ny fiarahamonina tandrefana, manindrahindra ny fanjifana, dia mitaiza ao amin'ny fiheveran-diso hoe sambatra rehefa afaka mividy tsy misy fetra izay rehetra tiana ho azo.

Marina fa ilaina ny manana vola ampy mba hahafahana miaina ara-dalàna, nefa marina toy izany koa fa tsy vidina ny zavatra tena fototra, araka ny nolazain'ilay Norveziana terỳ ambony. Aiza no ahazoana mividy ny fiadanam-po, ny fanafahana amin'ny fahatsapan-tena ho meloka, na ny antoka momba ny any ankoatra ? Tsy misy, na aiza na aiza. Fa ny vaovao mahafaly kosa, dia ity : omen'i Jesosy Kristy maimaimpoana ireo harena tsy hay vidim-bola ireo. Misy fepetra kosa anefa, fepetra tokana, dia hoe : mandray an'i Jesosy ho Mpamonjy sy ho Tompon'ny fiainantsika. Koa aoka àry hambarantsika aminy izay rehetra ilaintsika. Rakitra sarobidy indrindra, ary harena maharitra ny fiadanana omen'i Jesosy sy ny fampanantenana lazainy ao amin'ny Teniny. Manana izany ny olona rehetra nanao ny dingana ho amin'ny finoana.